



# FANAMBARANA

## NY FAMATSIANA SOLIKA ETO MADAGASIKARA

Amin'ny ankapobeny Madagasikara dia manafatra solika isaky ny 32 ka hatramin'ny 35 andro, izany hoe fanafarana in-telo miantaona ao anatin'ny telo (03) volana eo ho eo.

Ny sambo « **Hafnia Expedite** » izay nitondra ny solika ho an'ity volana septambra ity, dia tonga tao Toamasina ny sabotsy 09 septambra 2023, ary nanomboka nampidina izany ny alatsinainy 11 septambra teo.

Ampy hiatrehana ny filàna eto an-toerana ny solika izay ampudinina ao Toamasina ary ny fanafarana manaraka, dia tombanana ho tonga afaka 20 andro, raha toa ka 35 andro ny elanelam-potoana mahazatra.

Ny sambo « **Hafnia Providence** » kosa dia andrasana ao Toamasina manodidina ny 05 oktobra 2023 araky ny fandaminana.

Ary misy sambo fahatelo, aorian'ireo roa voalàza ireo, izay vinavinaina ho tonga ny fiandohan'ny volana novambra ho avy izao.

Sambo mitondra solika (Gazoala, Solika fandrehitra, Lasantsy) miisa telo araka izany no mifandimby tonga eto Madagasikara ao anatin'ny 60 andro (antenatenan'ny volana septambra ka hatramin'ny volana novambra). Marihana fa Madagasikara dia mahazo famatsiana solika isam-bolana amin'ny ankapobeny.

Mikasika ny tahirin-tsolika ankehitriny, eo ampiandrasana ny solika vao nampidinana, dia manana ireto fatra ireto isika:

	Lasantsy (SP95)	Gazoala (GO)
Manerana an'i Madagasikara (GRT+LPSA+ transit)	25 andro	32 andro

Hiakatra 30 andro amboniny ireo tahirin-tsolika manerana ny nosy ireo rehefa vita ny fampidinana solika nafarana amin'izao fotoana izao, ary efa miandry sahady ny fanafarana manaraka izay ho tonga afaka 20 andro.

Ny fitaterana ny solika mankany amin'ny toby fitahirizana sy mankany amin'ny mpaninjara solika manerana ny Nosy, dia mizotra toy ny mahazatra.

Antananarivo, faha 15 septambra 2023

Ny Fitaleavana Ankapobeny